TARATRA 14 novembre 2011 Fiarahamonina

OSTIE ETSY AMBOHIMANARINA

Hatao Ostie 24, handray ny mpikambana rehetra

Mikendry hatrany ny hanatsara ny fahasalamam-bahoaka ny Ostie. Natao manara-penitra, araka izany, ny Ostie etsy Ambohimanarina. Hatao Ostie 24 izany afaka telo volana.

Notokanana tamin'ny fomba ofisialy tamin'ny asabotsy teo ny Ostie vao nohavaozina etsy Ambohimanarina. Manara-penitra ny fotodrafitrasa ary arifomba ahafahana mandray ireo marary. Nambaran'ny filohan'ny filankevi-pitantanan'ny Ostie nandritra ny lahateniny fa manohy hatrany ny ezaka amin'ny fanatsarana ny tolotra omena ny marary izy ireo. Tanjona amin'ny fanitarana ny fotodrafitrasa ny hahafahana mandray marary betsaka kokoa ary hanomezana fahafaham-po azy ireo. Nankasitraka indrindra ny ezaka ataon'ny Ostie ihany koa ny minisitry ny fahasalamam-bahoaka teo aloha, Rajaonarison Pascal Jacques noho ny fanatsarana hatrany ny tolotra ara-pahasalamana omena ny vahoaka malagasy. Tetsy andaniny, naneho ny fankasitrahana ihany koa ny minisitry ny asa sy ny asam-panjakana ary ny lalàna sosialy teo aloha, Henri Rasamoelina. *"Antoky ny fampiakarana ny vitri-pamokarana ny vatana salama"* hoy izy. Marihina fa hatao Ostie 24, afaka mandray marary 24 ora amin'ny 24 ora ity Ostie ity afaka telo volana. Afaka mandray ireo mpikambana tsy ankanavaka ihany koa na aiza na aiza fonenana sy toeram-piasana.

Mahatratra 3.000 mahery ireo orinasa mpikambana ao amin'ny Ostie ankehitriny. Analiny kosa ireo mpiasa manaraka fitsaboana amin'ireo toeram-pitsaboana miparitaka sy miezaka manatona ny mpanjifa. Ahitana ny sampam-pitsaboana isan-karazany ny Ostie. Anisan'izany ny mitsabo manokana ny ankizy, hoditra, aretin'ny fo sy ny lalandra... Manentana ireo mpikambana ao aminy mikasika ny fahasalamana sy ny fahadiovana ihany koa izy ireo. Tsy hadino ny fanaovam-bakisiny sy ny fanentanana amin'ny fandrindrampiterahana. Ankoatra izany, manana ny foibe fitiliana ny aretina tiberkilaozy sy fitsaboana ny marary ihany koa ny Ostie. Eo indrindra ihany koa ny foibem-pitsaboana ny aretina diabeta.

Mpiasa mendrika

Mpiasa 111 kosa no notolorana mari-boninahi-pirenena ny asabotsy teo. Nahavita be teo amin'ny sehatry ny fahasalamana sy ny fampihodinana ny Ostie hatramin'izay izy ireo. Roa nahazo ny *"Grand officier de l'ordre national"*. Efatra nahazo ny *« Commandeur de l'ordre national »*, efatra nahazo ny officier de l'ordre national ary 15 nahazo ny *« chevalier de l'ordre naational »*. Ankoatra ireo, 10 mianadahy hafa nahazo ny *« Ordre de merite »*, 14 nahazo ny medaly alimo, 35 medaly volafotsy ary 30 hafa medaly alimo. Nampahery azy ireo avokoa ireo manampahefana tonga nanatrika ny fotoana hanohy asa masina miandry azy amin'ny fahasalamam-bahoaka.

Tatiana A

Toy izao ny Ostie vao nohavaozina etsy Ambohimanarina.